# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Desambra 2018

# 23 Alahady desambra

***(Nanontany ireo mpianany Jesosy hoe :)* Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza ? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe : Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona.** Matio 16. 13-17

**Iza moa Jesosy ?**

Nisy tokoa Jesosy, tsy isalasalana izany, na ho an'ny mpino na ho an'ny tsy mpino. Ankoatra ny Baiboly dia maro ny fanambarana ara-tantara momba Azy, nosoratana mpanoratra tamin'ny vanimpotoana niainany. Amin'ny ankapobeny, Jesosy dia heverina ho olona mpanao soa, naniry hanamaivana ny fahorian'ny mpiara-belona taminy. Misy ankehitriny olona te hanao toy ny nataony, ka mahafoy ny harenany rehetra mba hahita indray ireo soatoavina tsy misy eo amin'ny fiainany. Mifanohitra amin'izany, dia misy, ary maro kokoa, ny mihevitra fa efa lany andro izany, efa niova ny zavatra rehetra, ka aleo mikaroka fahombiazana ara-karena, mba hohararaotin'ny hafa koa…

Tsy izany anefa no tena fanontaniana ! Alohan'ny hahaizana maka tahaka an'i Kristy, dia tokony hahafantatra hoe iza moa Izy. Raha mbola ampitoviana amina olona tsotra Izy, dia lalan-diso izany. Efa tamin'ny androny dia vitsy ny olona nahay namantatra hoe Izy no Zanak'Ilay Andriamanitra velona. Ary rehefa nanao izany fanambarana izany i Petera, dia novalian'i Jesosy hoe : „Sambatra ianao". Eny, ny fahasambaran'ny mpino dia mifototra amin'ny faharesen-dahatra hoe : „Andriamanitra naniraka ny Zanany Lahitokana tamin'izao tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany" ; ary ny fitiavana dia „ny nitiavany *(nitiavan'Andriamanitra)* antsika, ka nirahiny ny Zanany ho avotra noho ny fahotantsika" (1 Jaona 4. 9, 10).

Ahazoana tombony ny mibanjina ny hatsarampo sy fahafoizan-tenan'i Jesosy nandritra ny fiainany, fa ny tena zava-dehibe dia ny mahita Ilay Zanak'Andriamanitra nanolotra ny ainy mba hamonjy ny mpanota, sy ny mino ny fampanantenana hoe : „ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra" (1 Jaona 1. 7).